


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Mitondra Antsika ho amin'ny Ray

Manana fahafahana manatona an'Andriamanitra aho amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Hoy Jesosy:

> "Izaho no làlana sy fahamarinana ary fiainana" (Jaona 14:6)

Matetika isika no manonona io Soratra Masina io; fehezan-teny evanjelistra tiana indrindra izy io. Na izany aza, mahalana isika no mijanona ary mba mandinika ny tena dikany. Tsy misy dikany ny lalana iray raha tsy mitondra antsika any amin'ny toerana iray. Tsy tokony ho fiafarana izany hoe lalana izany. Noho izany, rehefa nilaza i Jesosy hoe: "Izaho no lalana", dia te hilaza Izy fa tonga hitondra antsika ho any amin'ny toerana iray Izy.

Aiza no Hitondrany antsika? Nanazava Izy hoe: "Tsy misy olona mankany amin'ny Ray afa-tsy amin'ny alalako" (andininy 6). Raha lazaina amin'ny teny hafa dia nilaza Izy hoe: "Izaho no lalana mankany amin'ny Ray. Izaho no fanambaran'ny Ray. Raha nahita Ahy hianareo, dia nahita ny Ray. (jereo ny andininy 7–9).

> "Ary tonga Izy [Jesosy] ka nitory teny soa mahafaly milaza fihavanana [ny jentilisa] taminareo izay lavitra ary fihavanana [ny Jiosy] tamin'izay akaiky koa. Fa Izy no ananantsika [Jiosy sy Jentilisa] roa tonta fanatonana amin'ny Fanahy iray ho any amin'ny Ray." (Efesiana 2:17–18)

Indray, ny olona telo ao amin'ny Andriamanitra dia tafiditra ao anatin'io andininy io: amin'ny alalan'ny Zanaka, amin'ny alalan'ny Fanahy, mankany amin'ny Ray. Fa ny Ray no tanjona. Tsy misy dikany ilay andininy raha miala amin'ny Ray ianao. Ny tanjona faratampony dia ny hanambara ny Ray sy hitondra antsika ho eo Aminy. Raha tsy mahatanteraka an'io tanjona io isika, dia tsy mahita ny antony nahatongavan'i Jesosy.

Misaotra Anao, Tompo, fa afaka tonga Aminao aho. Manambara aho fa Jesosy dia maty ho an'ny tanjona

© 2008 - Dries Du Plessis

faratampony hitondrana antsika ho amin’Andriamanitra.
Afaka manatona an’Andriamanitra amin’ny alalan’ny Fanahy Masina aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-222-MLG
Nohavaozina farany: 15 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

